



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

## **TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA**

*Alarobia 8 jona 2022 – Lapam-panjakana Iavoloha*

Notanterahina androany ny Filankevitry ny Minisitra izay notarihin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina ary nahitana ny Praiminisitra sy ireo Minisitra isan-tokony.

### **I- FAMPITANA AM-BAVA**

#### **MINISITERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA**

**Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fankalazana ny faha 62 taona niverenan'ny Fahaleovantena sy niforonan'ny Tafika Malagasy.**

Ho an'ity taona ity manokana, dia hisy ny fikarakarana miavaka antsam-piderana ny alahady 19 jona 2022 manomboka amin'ny 02 ora tolakandro ao amin'ny Kianja Barea Mahamasina, izay handraisan'ny mpanakanto ara-pilazantsara anjara.

Ankoatra izay dia hisy ihany koa ny hetsika maro samihafa izay ho tanterahina manerana ny Nosy. Ao anatin'izany ny fanompoam-pivavahana fangataham-pitahiana, ny hetsika ara-kolontsaina sy ara-panatanjahantena, ny matso ara-miaramila, ireo Kermesy karakarain'ireo Hery Fiarovana sy Filaminana, mariky ny fanakaikezan'izy ireo ny vahoaka sy ny fanapoahana afomanga eny anivon'ireo distrikan'i Madagasikara.

#### **MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

**Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fankalazana ny fifandraisana ara-diplomatika eo amin'i Madagasikara sy ireo firenena mpiara-miasa aminy.**

Ny taona 2022 no hanamarihana ny joblin'ny fametrahana ny fifandraisana ara-pirahalalahiana eo amin'i Madagasikara sy ireo mpiara-miasa aminy sasantsasany :

- 50 taona miaraka amin'ny Repoblikan'i Sina
- 40 taona miaraka amin'ny Repoblika islamikan'i Iran
- 60 taona miaraka amin'i Japana
- 60 taona miaraka amin'ny Kaonfederasiona Soisy
- 50 taona miaraka amin'i Rosia

Ny fankalazana ny fametrahana ny fifandraisana ara-diplomatika dia fomba fanao ara-diplomatika izay mikendry ny fanasongadinana ny lanja omen'ireo firenena ny fifandraisana sy ny fiaraha-miasa mampifandray azy ireo. Tafiditra ao anatin'izany ihany koa ny fanaovana tombana ny fiaraha-miasa efa lasa sy ny fanamafisana izany ho an'ireo taona ho avy.

## **MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nankatoavina ny hanaovana sonia ny fifanarahana marolafy amin'ny tan-tsoroka ara-pitantanana ifampizarana amin'ny resaka hetra na « Convention multilatérale sur l'assistance administrative mutuelle en matière fiscale » (MAAC).**

Ny fanaovana sonia ny fifanarahana marolafy amin'ny tan-tsoroka ara-pitantanana ifampizarana amin'ny resaka hetra dia hahazoana tombontsoa miavaka. Voafetra ihany mantsy ny lalàna iraisam-pirenena manan-kery eto Madagasikara izay manome fahafahana mifanakalo vaovao.

Ankoatra izay, dia voafetra ihany koa ny fampiharana ny fifanakalozam-baovao izay miorina amin'ireo fifanarahana ara-ketra miisa efatra (Frantsa, Maorisy, Kanada, Maraoka) nosoniavin'i Madagasikara ka ny telo amin'ireo no mihatra.

Ny fanaovana sonia ny MAAC dia manome fahafahana ho an'i Madagasikara hampivelatra ny tambazotra fifanakalozam-baovaony miaraka amin'ireo firenena nanao sonia ny fifanarahana ary hanana rafitra matanjaka mba hiantohana ny fampiharana sy ny fahombiazan'ny fampitana antotam-baovao ara-ketra ka azon'ny sampandraharahan'ny hetra kirakiraina.

**Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanolorana ny Volavolan-dalana mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana**

## **MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

**Nankatoavina ny fanomezana velarantany antsoina hoe « LE VIEUX MARCHE » any Maroantsetra, Kaominina sy Distrikan'i Maroantsetra, Faritra Analanjirofo, ho an'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina hananganany ny Tranoben'ny Serasera sy ny Kolontsaina**

## **MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA**

**Nankatoavina ny fampitana am-bava ny tatitra amin'ny fanomanana ny fandraisana ireo omby vavy be ronono miisa 1 000 sy biby fiompy hafa mihinambilona (petits ruminants) miisa 1 200 izay nafarana.**

## **MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA SY FANOVANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA**

**Nankatoavina ny handraisan'ny Fanjakana an-tanana ny DTI amin'ny fanafarana fitaovana sy kojakoja ho an'ny tetikasa fanovana ho maoderina ireo tambazotram-pifandraisan'ny fitantanan-draharaham-panjakana.**

Ireo fitaovana sy kojakoja ireo dia ilaina amin'ny famaranana ny fananganana ny « Data center » an'ny fanjakana, sy amin'ny fametrahana ny tambazotran-tserasera anatin'ny ho an'ny sampandraharaham-panjakana ary ireo andry mpitondra ny tambazotra mahaleotena sy azo antoka ho an'ny Fanjakana. Ireo andrimpanjakana sy minisitery rehetra no hisitraka ity tetikasa ity.

## II- FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

### MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA SY FANOVANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

Noraisina ny didim-panjakana manangana ny “Unité de Gouvernance Digitale” (UGD) sy mametraka ny sata mifehy azy.

Ny UGD dia orinasam-panjakana indostrialy sy ara-barotra (EPIC) izay natsangana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika. Ny antom-pisiany dia ny hametrahana ny « e-gouvernance » mba hiantohana ny fitantanan-draharaham-panjakana manakaiky vahoaka sady mahomby araka ny filàn'ny vahoaka ary natao hanatsara ny asan'ireo orinasa samihafa. Ny UGD dia eo ambany fiahiana ara-teknikan'ny Fiadidiana ny Repoblika sy ny Minisiteran'ny fampiroboroboana sy fanovana ny haitao ara-kajy mirindra, ny paositra sy ny fifandraisan-davitra.

## III- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

### MINISITERAN'NY FITSARANA

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa. RAVELOSON TCHIOURSON Rado**, ho « Directeur des Systèmes d'Information » eo anivon'ny minisiteran'ny Fitsarana.

### MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

Noraisina ny didim-panjakana manafonana ny didim-panjakana laharana faha 2021-162 tamin'ny 02 febroary 2022 ary manendry an-**dRamatoa CHRISTOPHE Harimalala Niurka**, ho « Directeur des Etudes, de la Recherche et du Développement du Partenariat de l'Institut National de la Décentralisation et du Développement Local ».

### MINISITERAN'NY FAMPANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA

Noraisina ny didim-panjakana manendry an-**dRamatoa TSIAZONANGOLY Arielle Fanarine**, ho “Directeur des Affaires Juridiques” (DAJ) eo anivon'ny minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika

### MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

Noraisina ny didim-panjakana manendry an-**dRamatoa RAMIANDRASOA Stéphanie Michelle**, ho “Directeur des Transports Routiers” eo anivon'ny minisiteran'ny fitaterana sy ny famantarana ny toetrandro

### MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA SY FANOVANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

Noraisina ny didim-panjakana manafonana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1203 tamin'ny 06 jona 2019 ary manendry an'**Atoa. RAMANANTOANINA Yvan**, ho Tale Iraisam-paritry ny minisiteran'ny fampiroboroboana sy fanovana ny haitao ara-kajy mirindra, ny paositra sy ny fifandraisan-davitra eto Antananarivo

## **MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY SY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafaona ny didim-panjakana laharana faha 2020-557 tamin'ny 27 may 2020 ary manendry an-**dRamatoa RANAIVO Muriella Aina**, ho Coordinateur Stratégique et de Suivi Evaluation eo anivon'ny minisiteran'ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-**dRamatoa RATRIMOSOA Fanja**, ho « Directeur de la Lutte contre la Corruption » eo anivon'ny minisiteran'ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika

## **IV- FANAFOANANA**

### **FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafaona ny didim-panjakana laharana faha 2008-716 tamin'ny 21 jolay 2008 nanendry ny “Directeur Administratif et Financier” ny SAMIFIN
- Noraisina ny didim-panjakana manafaona ny didim-panjakana laharana faha 2008-1155 tamin'ny 11 desambra 2008 nanendry ny “Expert pour le Département Etude et Stratégie » ny SAMIFIN.

### **MINISITERAN'NY FAMPANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA**

Noraisina ny didim-panjakana manafaona ny didim-panjakana laharana faha 2021-747 tamin'ny 21 jolay 2021 nanendry ny « Directeur des Bourses Nationales et Extérieures » ny minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika.

### **MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafaona ny didim-panjakana laharana faha 2020-329 tamin'ny 11 martsa 2020 nanendry ny Responsable de l'Unité d'Audit Interne eo anivon'ny minisiteran'ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika
- Noraisina ny didim-panjakana manafaona ny didim-panjakana laharana faha 2021-100 tamin'ny 27 janoary 2021 nanendry ny « Responsable de l'Unité de Coordination, de Suivi-Evaluation et d'Analyse » eo anivon'ny minisiteran'ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika.

**Natao ny 8 jona 2022**

**Ny Fitaleavan'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe  
eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**